



## TENY FIARAHABANA SY FIRARIANTSOA TAOM-BAOVAO 2016

Ankafaliana sy ankaravoana no iarahabana atsika olo araiky jibaby tratin'izao asaramanitra izao ka nahavita ny taona 2015 ary miditra amin'izao taona vaovao 2016 izay fantatrantsika katolika erantany fa taona masina manokana ny jobilin'ny famindrampon'Andriamanitra araka ny niangavian'i Papa Ray masina azy ary niantsoany tsy hoe atsika kristianina katolika rehetra ihany fa ny olona rehetra eran'izao tontolo izao, ny olona tsara sitrapo. Faly sy ravo miarahaba atsika tratin'izao taona masina 2016 izao ary mirary soa ho antsika tokoa ho taom-pahasoavana, ho taona masina tokoa anie ity taona vaovao ity izay hovakivakintsika ity ka ny tsodranon'Andriamanitra, ny andon'ny lanitra anie ho eo anivontsika mandrakariva. Masina tokoa ny taona raha eo anivontsika tokoa ilay masina dia Andriamanitra. Izay ny hafatra tiana ampitaina amintsika ary miainga amin'ny hafatry ny Papa amin'izao andron'ny fandriampahalemana satria isantaona ny Papa rehefa manolotra firariantsoa ho antsika dia manoritra mazava ihany koa ny lalankombana. Ny fototry ny hafatry ny Papa dia : manasa atsika hiala lavitra ny tsy firahirahiana fa io no manapotika ny fiainantsika mianakavy. Raha misy ny firariantsoa atao dia aoka hiezaka isika hametraka fiaraha-monina, fianakaviana hanaja bebe kokoa ny fifandraisana ary hanalavitra an'izay tsy firahirahiana ny hafa izay mikiky atsika tokoa sy loharano manapotika ny fiainantsika ka tsy hahitantsika ny tena fandriampahalemana, tsy hahitantsika fiadanana eo amin'ny fiainantsika hoy ny Papa.

### **Inona moa no tsy firahirahiana ny hafa ?**

Manomboka amin'ny tsy firahirahiana an'Andriamanitra no mahatonga an'ireo fiainana tsy zarizary amin'izao tontolo izao ka manapotika ny fiainantsika olombelona ankehitriny. Manilika an'Andriamanitra isika, anatin'ny tsy firahirahiana izay, tsy apetrantsika amin'ny tena toerany izy. Ary raha mieritreritra an'Andriamanitra isika dia ataontsika fitaovana, izay no matetika mahatonga ny tsy firahirahiana, ny fanaovana ny hafa hazahoana ny tombotsoan'ny tena, rehefa tsy hazahoana tombotsoa izy dia ailikilika. Andriamanitra no ailikilintsika voalohany ary mamerina ny fahotan'i Adama sy Eva isika satria izay fanilikiliana an'Andriamanitra izay ny fahotan'izy ireo, tsy fiheverana fa Andriamanitra no loharano sy fototry ny fiainana. Koa raha irintsika ary ry havamalala isika olo araiky jiaby, aoka isika hiezaka hiverina amin' Andriamanitra ary hametraka azy aminy tena toerany. Raha Andriamanitra no loharanon'ny fiainantsika dia mino sy matoky aho fa hiova izao fiainantsika izao, tsy hisy intsony ny fanilikiliana, ny tsy firahirahiana ny hafa fa hametraka an'Andriamanitra aminy tena toerany isika.

### **Ahoana ary ny hivelomantsika an'izay ?**

Manomboka ao amin'ny fianakaviana, amin'ny tokantrano, aoka tsy ho hisy ny fanilikiliana, ny tsy firahirahiana fa hampanjaka kosa isika ny fahaizana mifanaja, izay ny dingana voalohany tsy maintsy ataontsika ary rehefa mifanaja isika dia hahay hifampizara ny soa sy ny tsara, hahay hitady ny soa iombonana eo anivon'ny tokantranantsika ka hifanaja ny mpivady, hifanaja ny Ray amandReny sy ny zanaka. Rehefa mifanaja isika ao anatin'ny fianakaviana ka tsy misy intsony ny fanilikiliana na ny tsy firahirahiana, amin'izay eo anivon'ny fiaraha-monina dia tsy ho hisy intsony ny atao ankilabao fa hifanaja isika eo anivon'ny fiainantsika, amin'ny fifandraisantsika andavanandro. Raha eo anivon'ny fiaraha-monina tokoa isika mampanjaka an'izay fifanajana izay satria izay manko no loharano hanehoana ny firahirahiana ny hafa izay dia hiezaka koa isika hanaja ny tontolo iainana manodidina atsika izany hoe tsy hanapotika ny ala ny zavaboahary isika fa hiezaka hikolokolo, hanaja. Tsy hanjakazaka amin'ny zavaboahary isika fa ho mpanjaka tia miaro an'izay tontolo iainantsika izay.

Atombontsika amin'ny zavatra madinika izay firahirahiana ny hafa izay ka handosirantsika ny fanilikiliana, dia ny fifampiarahabana raha mifanôjy, aoka hifampiarahaba rehefa mifankahita. Miara-milaza mahita isika amin'izao fa rehefa mifankahita dia mifanatrika fotsiny fa tsy misy intsony ny fiarahabana manao mbolatsara. Na ny fiarahabana koa fa lasa voahilikilika ka aiza ho hisy ny fifanajana ? Raha misy ny firariantsoa atao ho antsika olo araiky jiaby dia ny fiezahantsika ary amin'izay zavatra madinika manomboka amin'ny fifampiarahabana, dia hifanaja isika ary indrindra hiezaka tsy hanilikilika ny hafa indrindra ireo mahantra sy madinika. Raha tanterakantsika tokoa izay dia ho eo anivontsika ny fiadanana ary ny tsodranon'Andriamanitra. Izay ny firariantsoa ataoko amintsika mianakavy amin'izao taom-baovao izao ary hitalahoako ny tsodranon'Andriamanitra ho any tokantranantsika tsirairay avy. Hirotsaka amintsika tokoa anie ny tsodranon'Andriamanitra ka hanjaka ao ampontsika Andriamanitra. Raha Andriamanitra tsy voahilikilika dia tsy manikilika ny hafa isika fa hifanaja ka ho taona masina tokoa, ho taonan'ny famindrampo tokoa izao taona 2016 izao. Ho taom-pahasoavana, ho taonjina hitondra fanambinana ho antsika tsirairay avy ity taona vaovao ity. Amen